



ANTENIMIERAMPIRENENA



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitaviana - Tanindrazana - Fandrosoana

**REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA
FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA VOALOHANY
TAONA 2021**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-125

FANDINIHANA SY FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA MIKASIKA IRETO VOLAVOLAN-DALÀNA
MANARAKA IRETO:

- LAHARANA-001/2021 TAMIN'NY 3 FEBROARY 2021 «AUTORISANT LA RATIFICATION DE L'ACCORD DE PRET RELATIF AU FINANCEMENT DE L'OPERATION DE REPONSE URGENTE POUR AFFRONTER LA PANDEMIE COVID-19, CONCLU LE 22 OCTOBRE 2020 ENTRE LA REPUBLIQUE DE MADAGASCAR ET LA BADEA»;
- LAHARANA FAHA-002/2021 TAMIN'NY 17 FEBROARY 2021 «AUTORISANT LA RATIFICATION DE L'ACCORD DE PRET RELATIF AU FINANCEMENT ADDITIONNEL DU PROJET POLE INTEGRES DE CROISSANCE ET PROJET SOP-2 (PIC2.2) DANS LE CADRE DE LA RESTRUCTURATION ET DU RENFLOUEMENT SUITE A L'ACTIVATION DES RESSOURCES CERC-MRI, CONCLU LE 18 DECEMBRE 2020 ENTRE LA REPUBLIQUE DE MADAGASCAR ET L'IDA»;
- LAHARANA FAHA-004/2021 TAMIN'NY 31 MARTSA 2021 «AUTORISANT LA RATIFICATION DE L'ACCORD DE COOPERATION DANS LE DOMAINE DE L'AMENAGEMENT DU TERRITOIRE, SIGNE A RABAT LE 4 AVRIL 2006, ENTRE LE ROYAUME DU MAROC ET LA REPUBLIQUE DE MADAGASCAR»

Fivoriana Faha-5
Natao ny
Alakamisy 20 Mey 2021
- Maraina -

FIVORIAMBE

FILOHA: Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

FOTOANA: Alakamisy 20 Mey 2021, tamin'ny 10 ora sy 15 minitra, maraina.

FANDAHARAM-POTOANA: fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ireto volavolan-dalàna manaraka ireto:

- laharana-001/2021 tamin'ny 3 Febroary 2021 «autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement de l'opération de réponse urgente pour affronter la pandémie COVID-19, conclu le 22 octobre 2020 entre la République de Madagascar et la Banque Arabe pour le Développement Economique en Afrique (BADEA)»;
- laharana faha-002/2021 tamin'ny 17 Febroary 2021 «autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement additionnel du projet Pôles Intégrés de Croissance et Projet SOP-2 (PIC2.2) dans le cadre de la restructuration et du renflouement suite à l'activation des ressources CERC-MRI, conclu le 18 Décembre 2020 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA)»;
- laharana faha-004/2021 tamin'ny 31 Mars taona 2021 «autorisant la ratification de l'Accord de Coopération dans le domaine de l'Aménagement du Territoire, signé à Rabat le 04 avril 2006, entre le Royaume du Maroc et la République de Madagascar».

Nitohy ny Alakamisy 20 Mey 2021, tamin'ny 10 ora sy 15 minitra, maraina, ny fivorian'ny Antenimierampirenena.

Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Filoha no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny Solombavambahoaka sy ny solotenan'ny Governemanta, Ramatoa Filoha dia niangavy ny Teknisiana miandraikitra ny Informatika ato amin'ny Antenimierampirenena mba hanome ny isan'ny Solombavambahoaka manatrika ny fivoriana amin'ny fotoana mahamety izany.

Taorian'izay, niarahaba ny Solombavambahoaka RANDRIANASOLONIAIKO Siteny Thierry, voafidy ho Filohan'ny "Union Africaine de Judo" sy ny Solombavambahoaka RAKOTOMALALA Miarintsoa Andriantsitonta, voafidy ho mpikambana ao amin'ny "Conseil du Forum des Jeunes Parlementaires de l'UIP", Ramatoa Filoha ary nirary soa azy mirahalahy hahavita be amin'ny adidy izay hosahaniny avy.

Rehefa izany, nanambara ny fandaharam-potoana araka ny voalaza etsy ambony, izay fivoriambe handinihana sy handraisana fanapahan-kevitra momba ny volavolan-dalàna laharana faha-001/2021 tamin'ny 3 Febroary 2021 "autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement de l'opération de réponse urgente pour affronter la pandémie COVID-19, conclu le 22 Octobre 2020 entre la République de Madagascar et la Banque Arabe pour le Développement Economique en Afrique (BADEA), Ramatoa Filoha ary niangavy ny Mpampakateny mba hamaky ny tatitra momba izany.

Nanatanteraka izany, Andriamatoa TSARADIA Marco, ka toy izao ny fivakiny;

Nivory ny Alarobia faha-19 Mey 2021 tamin'ny 9 ora, maraina, ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola sy ny Vaomieran'ny Fahasalalamam-bahoaka nandinika ny Volavolandalàna laharana faha-001/2021 «autorisant la ratification de l'Accord de prêt relatif au financement de l'opération de réponse urgente pour affronter la pandémie COVID-19, conclu le 22 octobre 2020 entre la République de Madagascar et la Banque Arabe pour le Développement Economique en Afrique (BADEA).

Andriamatoa ANDRIAMIATRIKARIVO Pierrot, Filoha Lefitry ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola tonga nivory:

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

1. ANDRIAMIATRIKARIVO Pierrot
2. TSARADIA Marco
3. FIENENA Richard Désiré
4. HENRI Jean Michel
5. RAMBOASALAMA Emilien
6. RANDRIAMANAMPISOA Alfred
7. RASIDIMANANA
8. RASOLONJATOVO Honoré
9. RAVONTY Tam Teon Luc Urbain
10. RANDRIANASOLO Jean Nicolas
11. VONINAHITSY Jean Eugène
12. ANDRIANAMBININA Djohary Lee
13. RAKOTOARISOA Nirina Fenohery Johnny
14. RANDRIAMBOLAINA Gerry
15. NICOLAS Stephan
16. RAZAIHARIMALALA Harizaka Fiainantsoa

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana amin'ny Vaomieran'ny Fahasalalamam-bahoaka nanatrika ny fivoriana;

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

- 1- RAJAABELINA Lova Herizo
- 2- FIAROVANA Lovanirina Célestin
- 3- RAVELOSON Guillaume
- 4- RAZAFINDRIATSARA Johnson Anatol
- 5- RAZAKANDRAINNY Henri Dominique

Ireto avy ireo Solombavambahoaka tsy mpikambana ao amin'ny Vaomiera nanatrika ny fivoriana.

Andriamatoa isany sy Ramatoa:

- 1- MASY Goulamaly
- 2- PEPIN Michou
- 3- MAMIHAJA Charlot

Ireto avy ireo teknisiana avy amin'ny Minisiteran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola sy ny Minisiteran'ny Fahasalamam-bahoaka.

Andriamatoa sy Ramatoa:

- | | |
|---------------------------|---------------------------------|
| 1- RAHANIRAKA Haingotiana | DDP/MEF |
| 2- RAKOTOVAO Alain | UCP Minisiteran'ny Fahasalamana |

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Andriamatoa Filoha dia nomeny avy hatrany ny teknisiana ny fitenenana hanazavany mahakasika ity volavolan-dalàna ity.

Nambaran'ny teknisiana avy amin'ny Minisitera tamin'izany fa ity dia findramam-bola nataon'ny Fanjakana Malagasy entina iadiana amin'ny «Covid-19».

Mitentina 5 000 000 USD izy ity na 19 641 150 000 Ariary ary ahitana fanomezana 500 000 USD na 1 964 115 000 Ariary. Heverina fa amin'ny volana Septambra 2021 no hisitrahana azy ity rehefa hahazoana fankatoavana avy amin'ny Antenimiera roa tonta.

Maharitra 21 taona ny handoavana azy ary ny enina taona voalohany dia tsy andoavana ny renivola (Délai de grâce 06 ans) ary ny tahan'ny zanabola na ny "taux d'intérêt" dia 2% isan-taona.

Tapaka tamin'ny Filankevitry ny Minisitra fa izy ity dia hotsinjaraina tahaka izao:

- "Ambulances" miisa 54
- Fitaovana entina ampiasaina amin'ny CSBII miisa 28, toy ny EPI (Equipement de Protection Individuelle), fanafody ary koa ny fitaovana entina hitiliana ny "Covid-19".

Marihana fa hisy fiantraikany amin'ny fiainam-bahoaka ara-ekonomika sy ara-tsosialy izy ity.

Ny antony itondrana azy etỳ anivon'ny Antenimierampirenena dia noho izay voafaritra ao amin'ny andininy faha-137 andalana faharoan'ny Lalàmpanorenana, fa ny findramam-bola tahaka ireto dia ilàna fankatoavana avy amin'ny Solombavambahoaka hatrany.

FANONTANIANA:

- 1- Efa nisy findramam-bola tahaka ity teo aloha, toa 0,75% sy 1,75% ny tahan'ny zanabola isan-taona. Eto anefa, lasa 2% indray izany taha izany. Tsy maintsy manaraka ny fepetra apetraky ny mpampindram-bola ve izany isika?
- 2- Manao ahoana ny fomba fitsinjarana ny entana sy ireo fitaovana azo?

VALINY:

- 1- Samy manana ny fepetra apetrany ireo mpampindram-bola amin'ny tahan'ny zanabola. Raha ity izao dia efa nahazo fanalefahana isika tamin'ny nahazoana ny fanomezana 500 000 USD.

- 2-Ny fomba fitsinjarana ireo entana ireo dia tahaka izao: mandefa ireo filàny ireo Hopitaly sy CSB ary CTC mahakasika ny fitaovana ilainy. Avy eo dia alefa ankatoavin'ny Sekretera Jeneralin'ny Minisitera izany ary ny UCP (Unité de Coordination des Projets) no manomana sy mandefa ireo fitaovana ireo any amin'ireo Hopitaly, CSB ary CTC.

FANAMARIHANA AVY AMIN'NY SOLOMBAVAMBAHOAKA:

- Nisy Solombavambahoaka nanamarika fa tokony hikarakarana ny Hopitaly sy ireo CSBII any ifotony ireo fitaovana ireo satria maro ny Distrika mbola tsy manana “ambulance”, toy ny any Soavinandriana-Itasy, Vondrozo, Morafenobe, Ampanihy, Mananjary, Ankazoabo, Betafo, Tsihombe, sns,
- Misy Distrika manana Hopitaly sy CSBII kanefa tsy misy fitaovana entina mitsabo ireo vahoaka na koa tsy misy dokotera tokony hitsabo, ka tokony hatao laharam-pahamehana izy ireny.
- Ny any amin'ny Distrikan'Ambovombe, Sakaraha ary Betroka indray dia tsy misy fitaovana entina mitily ny “Covid-19”, ka lasa mandeha any amin'ny Distrika hafa rehefa hanao fitiliana. Raha misy ny maty eo an-toerana anefa, lazaina fa “Covid-19” no nahafaty azy.
- Tokony hatao fiara tsy mataho-dalana matanjaka ireo “ambulance” homena ireo.
- Tokony ho marihana mazava tsara ao anatin'io volavolan-dalàna io ny vidin'ireo fitaovana ireo mba ho hita taratra mazava tsara ny fiantraikan'ny findramam-bola amin'ny vahoaka.
- Tokony ho hita soritra mazava tsara ireo Distrika hisitraka izany fitaovana izany ary koa tokony hitovy ireo Distrika rehetra amin'ny fahazoana izany.
- Tokony hatao mazava tsara ny “appel d’offres”, mba hisy «traçabilité» ary koa mba ahafahana manara-maso ny fitsinjarana ireo entana ireo tahaka ireo “soumissionnaire” izay nahazo ny tsenam-barotra, ny fanatanterahana ny asa ary indrindra ny vidin'entana mba ho tsara sy tsy dia lafo loatra.
- Nanamarika ny Solombavambahoaka fa ireo mpiasan'ny Fahasalamana no tokony ho laharam-pahamehana amin'ny fahazahoana ireo EPI. Eo ihany koa ny tokony hisian'ny Programan'asa ho an'ny fanabeazana aizana mba tsy hitombo ireo isan'ny teraka aorian'ity “Covid-19” ity.
- Tokony ho ireo Solombavambahoaka ao anatin'ny Vaomiera no hamaritra ny zavatra ilaina sy ny fizarana ireo fitaovana ireo. Tokony hisy ny solotena avy amin'ny Vaomiera hamaritra ny filàna mialoha ny fangatahana fitaovana ary ny fanatanterahana azy amin'ny fizarana izany.
- Tsy voatery holaniana ny volavolan-dalàna mirakitra “ratification” raha toa tsy mahafapo ny valin'ny fanontaniana mifandraika amin'izany. Misy valin-teny avy amin'ny teknisiana mantsy no manjavozavo ka entanina izy ireo mba hanome valiny tena mazava.

FANAMARIHANA AVY AMIN'NY TEKNISIANA:

- Nanamarika ny Teknisiana fa ireo “ambulances” ireo dia fiara tsy mataho-dalana avokoa ary ny 90%-n'ny Distrika dia hisitraka izany avokoa.
- Miara-miasa amin'ireo mpambongady mpanafatra fanafody amin'ny fividianana fanafody sy EPI ny Fanjakana izay vao tsinjaraina amin'ny Hopitaly sy CSB izany.
- Mikasika ny fanaovana “passation de marché” dia hentitra amin'ny fampiharana ireo didy aman-dalàna ny avy amin'ny Minisiteran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola ary manatsara hatrany ny fanaraha-maso.

Taorian'izay dia niroso tamin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ny mpivory.

Araka izany, nankatoavin'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola ny Volavolan-dalàna laharana faha-001-2021 «*autorisant la ratification de l'Accord de prêt relatif au financement de l'opération de réponse urgente pour affronter la pandémie COVID-19, conclu le 22 octobre 2020 entre la République de Madagascar et la Banque Arabe pour le Développement Economique en Afrique (BADEA)*» ary hoentina eny amin'ny fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra farany.

Nifarana tamin'ny 12 ora sy 30 minitra, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Filoha.

Rehefa avy nisaotra ny Mpampakateny tamin'ny tatitra nataony, Ramatoa Filoha dia nampahatsiahy ny mpivory fa ho fanajana ny Fitsipika Anaty Manokana, andininy faha-3 tamin'ny fanapahana laharana faha-4-HCC/D3 tamin'ny 17 Mey 2021 dia mandeha mivantana amin'ny “facebook” ny fivoriana. Niangaviany mba tsy hanadino an'izany ny Solombavambahoaka izay mandray fitenenana.

Taorian'izay, nilaza Ramatoa Filoha, fa hiroso amin'ny fanamarihana na fanitsiana mikasika ny tatitra ny mpivory ka ny Solombavambahoaka aloha no manao izany ary aorian'izay kosa ny solotenan'ny Governemanta.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa RANDRIAMANAMPISOA Alfred, nanamarika fa mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Tetibola ny tenany kanefa tsy henony voatonona teo ny anarany tamin'ny tatitra novakian'ny Mpampakateny.

Namaly avy hatrany, Ramatoa Filoha, fa ao anaty tatitra ny anarany.

Rehefa tsy nisy nanana fanamarihana mikasika ny tatitra intsony ny Solombavambahoaka, nomen-dRamatoa Filoha ny solotenan'ny Governemanta ny fitenenana mba ahafahan'izy ireo manao fanamarihana sy fanitsiana momba ny tatitra raha toa misy izany.

Andriamatoa RANDRIAMANDRATO Richard, Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, kosa nilaza fa manana fanitsiana momba ny tatitra, ka nangataka ny hanitsiana ny teny hoe: ny solotenan'ny Governemanta mba hovaina hoe: ireto avy ny teknisiana avy amin'ny Minisitera roa tonta.

Ramatoa RAHANIRAKA Haingotiana, teknisiana DDP, kosa nanana fanamarihana vitsivitsy mikasika ny tatitra novakiana teo.

Ao amin'ny pejy faha-2, andalana alohan'ny farany, milaza hoe: mitentina 5 000 000 Dolara ity famatsiana ity. Ampiana hoe: ahitana fanomezana 500 000 Dolara koa satria tsy ao anatin'ny fampindramam-bola izany, fa fanampiana fotsiny ihany.

Ao amin'io andalana io ihany misy teny manao hoe: heverina fa amin'ny faran'ny volana Septambra 2021 no hisitrahana azy ity; soloina hoe: heverina fa amin'ny faran'ny volana Septambra 2021 no fe-potoana farany hisitrahana azy ity.

Ao amin'ny pejy faha-5, mikasika ny fanamarihana avy amin'ny teknisiana, andalana faha-3, soloina hoe: mikasika ny fanaovana “passation de marché”, hentitra amin'ny fampiharana ireo didy aman-dalàna ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola ary manatsara hatrany ny fanaraha-maso.

Rehefa tsy nisy nanana fanamarihana na fanitsiana ny momba tatitra intsony ny Solombavambahoaka sy ny solotenan'ny Governemanta, nilaza Ramatoa Filoha, fa hiroso amin'ny famelabelarana ankapobeny momba ny volavolan-dalàna ny mpivory, ka nomeny fitenenana ny solotenan'ny Governemanta mba hanao izany.

Nanambara Andriamatoa RANDRIAMANDRATO Richard, Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, fa feno ny tatitra novakiana teo ary ny fanontaniana sy ny valiny hita ao aminy dia ampy hanazavana amin'ny ankapobeny mikasika ity findramam-bola hataontsika amin'ny BADEA ity.

Ilaina tokoa ity findramam-bola ity mba hiatrehana ny ady atao amin'ny valan'aretina “covid-19” amin'izao fotoana izao ary hiezaka hatrany isika amin'ny hanatsarana ny fahasalaman'ny vahoaka Malagasy. Izay no antony hanomezana “ambulances”, “équipements médicaux” ary fitaovana fanaovana “dépistage” ho an'ny Distrika.

Nambarany fa ho fanohizana ireo fepetra samihafa napetraky ny Filohampirenena no anton'izao fitadiavana lalam-bola izao. Izany hoe, mba ahafahana manatanteraka ny ady atao amin'ny fiparitahan'ny valan'aretina “coronavirus”.

Nomarihany fa 21 taona no fe-potoana amerenana ny vola indramina ary ny 6 taona voalohany tsy amerenana renivola. Isam-bolana no famerenana ny vola ary azo lazaina fa zakan'i Madagasikara tsara ny taha famerenana azy.

Teo ampamaranana ny teniny, nangataka ny handaniana ity volavolan-dalàna ity, Andriamatoa Minisitry satria ilain'ny firenena ny findramam-bola tahaka izao manoloana ny ady atrehin'ny firenena amin'ny valan'aretina misy.

Rehefa avy nisaotra an'Andriamatoa Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, Ramatoa Filoha tamin'ny fanazavana nentiny, nambarany fa hiroso amin'ny adihevitra ankapobeny ny mpivory, ka niangaviany hanangan-tànana ny Solombavambahoaka izay handray fitenenana mba handraisana ny anarany.

Ireto avy ny Solombavambahoaka nandray fitenenana tamin'izany.

Andriamatoa sy Ramatoa isany:

- BAOFENO Micheline
- RAVELOSON Guillaume Narindrasana
- RABENARY Jean
- TSARADIA Marco
- PEPIN MICHOU
- RANDRIAMANAMPISOA Alfred
- RAKOTOMALALA Miarintsoa Andriantsitonta
- RAMAMONJISOA RAKOTONIRINA Jhon Whary
- VONINAHITSY Jean Eugène
- MBELO NDRIAMANAMPY Jean Germain Odon
- VOLAHAINGO MARIE Thérèse
- HENRI Jean Michel
- VELONTSARA Paul Bert
- RANDRIANASOLO Augustin
- JOHASY RAHARISOA Eléonore
- SAID ZAKANIAINA Mahafaly Joseph
- TSITARA Rogers Osman
- ANDRIAMBELOSOA Heriniaina
- RAKOTOMALALA Dina Taratriniaina
- RASOAMALALA Honorine
- MASY Goulamaly Marie Jeanne D'Arc
- VOAHINGINIRINAZAFIMANDIMBY Marie Laurette
- RABEMANANTSOA Herilala Jeannot
- RASOLOMANANA Beby Olivier
- RANDRIANASOLO Jean Nicolas
- ANDRIATAHINANOMENJANAHARY Felicien
- RASIDIMANANA
- RAZAFINDRIATSARA Jonhson Anatol
- RAFIDIMANANA Narson
- SATRA Augustin
- FIAROVANA Lovanirina Celestin
- RAMAHANDRISOA Edu Edmond
- RATSIVAHINISOLO Andriniony
- TOVONDRAY Retsanga Brillant De L'Or
- ANDRIAMANJATO Liantsoa Bina
- EDIZARD
- CHRISTOPHE Tsiliva Diddiot

Nitambaran'ny Solombavambahoaka rehetra nandray fitenenana ny fankasitrahana ity volavolan-dalàna ity ary nifampitaona amin'ny tokony handaniana azy avokoa izy ireo.

Marihana fa anisan'ny nandray fitenenana tamin'ny lisitra eo ambony ireto Solombavambahoaka manaraka ireto satria nitovitovy ny fangatahana nataony momba ny fijerena ny Distrika nahavoafidy azy ireo amin'ny ady atao amin'ny valan'aretina "coronavirus" sy ny aretina hafa misy eto amintsika satria ahitana fahafatesan'olona maro vokatry ny tsy fahasalamana ateraky ny tsy fahampian'ny fitaovana.

Ireto avy izy ireo, Ramatoa sy Andriamatoa isany,

- RABENARY Jean
- TSARADIA Marco
- PEPIN MICHOU
- VOLAHAINGO MARIE Therèse
- BAOFENO Micheline
- RAKOTOMALALA Dina Taratriniaina
- VOAHAINGINIRINAZAFIMANDIMBY Marie Laurette
- RABEMANANTSOA Herilala Jeannot
- RASOLOMANANA Beby Olivier
- RANDRIANASOLO Jean Nicolas
- RAZAFINDRIATSARA Jonhson Anatol
- FIAROVANA Lovanirina Celestin
- TOVONDRAY Retsanga Brillant De L'Or
- ANDRIAMANJATO Liantsoa Bina

Nangataka ny hanomezana azy ireo fitaovam-pitsaboana sy “ambulances” satria manjaka ny aretina, toy ny tazomoka izay mahafaty olona betsaka tokoa ankoatry ny valan’aretina “coronavirus” izay mbola iadiana amin’izao fotoana izao. Nomarihan’izy ireo, fa lavitra vao mahita toeram-pitsaboana sady atao dia an-tongotra izany, hany ka maro no maty eny andalana noho ny tsy fahampian’ny fitaovana enti-miatrika ny fahasarotana. Noho izany, hanavotana aina no tena ilana ny “ambulance”; izay angahatana haingana ny hahazoana azy mba hialana amin’ny fahafatesana alohan’ny hahatongavana eny amin’ny toeram-pitsaboana, toy ny CSB II sy Hopitaly any amin’ny Distrika saro-dalana.

Ireto Solombavambahoaka manaraka ireto kosa, Ramatoa sy Andriamatoa isany:

- TSARADIA Marco
- RAKOTOMALALA Miarintsoa Andriantsitonta
- VOLAHAINGO MARIE Therèse
- VELONTSARA Paul Bert
- RANDRIANASOLO Augustin
- JOHASY RAHARISOA Eléonore
- TSITARA Rogers Osman
- RANDRIANASOLO Jean Nicolas
- CHRISTOPHE Tsiliva Diddiot

Nangataka ny hanomezana fampitaovana ny CSB any amin’ny Distrika nahavoafidy azy ary hanomezana solika ny “ambulance” mpitatitra marary sy ny fikojakojana izany satria tsy araky ny enti-manan’ny Solombavambahoaka ny fanatanterahana izany. Ny antony, ny fiarany, ny karamany no anaovany izany. Izany hoe, tsy ampy ny eo am-pelan-tànana kanefa ny olona tsy maintsy vonjena noho ny aretina mahazo azy.

Eo anatrehan’izay, mangataka ny hamatsian’ny fanjakana fitaovana ho azy ireo Solombavambahoaka voakasik’izany, indrindra momba ny “ambulance” tsy mataho-dalana sy ny solika ary ny fikojakojana azy satria izay no votoatin’ny findramam-bola. Raha bangoina, tsy tokony hisy Distrika hadino raha ny fampandrosoana sy ny ady atao amin’ny “covid-19” no heverina.

Nitovizan'izy ireo hevitra koa ny fangatahana ny hampitomboana ny isan'ny dokotera sy ny mpitsabo mpanampy any amin'ny CSB sy Hopitaly isan-karazany. Ny olona manao «bénévolat» kosa tokony horaisina ho mpiasa raikitra avy hatrany satria efa ela no nisahanany ny asa momba ny fahasalamana.

Ireto kosa ireo Solombavambahoaka naneho hevitra hafa tamin'ny fandraisany fitenenana.

Andriamatoa RANDRIAMANAMPISOA Alfred dia nanamarika fa tokony tsy handoavana hetra ny fanomezana avy any ivelany, toy izao ataon'ny BADEA izao. Noho izany, tokony hojerena ny hialana amin'izany.

Nanamafy izany Andriamatoa RABEMANANTSOA Herilala Jeannot ary nilaza fa mbola miandry taratasy fanamarinana avy amin'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola izy ireo vao afaka mamoka ireo “camions bennes” eny amin'ny haban-tseranana. Marihana fa fanomezana avy amin'ny BADEA ireo fitaovana ireo ary homena ny Distrika sy Kaominina ny fiara mba hahafahany mitatitra fako sy hanampy amin'ny fanamboaran-dalana kanefa nahoana no andoavana hetra indray.

Andriamatoa HENRI Jean Michel kosa nangataka ny hanomezan'ny fitondrana fitiliana ny valan'aretina “coronavirus” amin'ny alalan'ny “genexpert” ho an'ny Distrikan'Ambovombe Androy satria lavitra ny toerana ahitana izany sady ratsy koa ny lalana. Eo anatrehan'izany, tsy marisika ny hanao fitiana ny olona.

Nanamarika, ANDRIAMBELOSOA Heriniaina, fa ny filàn'ny vahoaka no tokony hojerena alohan'ny hindramam-bola toy izao satria mety tsy ampy ho an'ny Distrika rehetra izany.

Nangataka fiara manokana ho an'ny mpiasan'ny fahasalamana any aminy kosa Andriamatoa RANDRIANASOLO Jean Nicolas, rehefa nandray fitenena satria mandeha manatitra fanafody sy manara-maso ny fitsaboana any ambanivohitra ireny olona ireny.

Andriamatoa ANDRIATAHINANOMENJANAHARY Felicien, indray nangataka ny hijerena manokana ny tetibolan'ny Minisiteran'ny Angovo satria matetika no tapaka ny jiro kanefa maro ireo marary mafy mila ny fampiasana ny “extracteur d'oxygène”.

Taorian'izay, nomen-dRamatoa Filoha, ny solotenan'ny Governemanta ny fitenenana mba hamaliany ny fanontaniana napetraka taminy.

Fialan-tsiny noho ny tsy fahafahan'Andriamatoa RAKOTOVAO Hanitrana Jean Louis, Minisitry ny Fahasalamana manatrika izao fivoriana izao satria namita iraka niaraka amin'ny Filohampirenena any amin'ny Faritra no nanombohan'Andriamatoa RANDRIAMANDRATO Richard, Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola ny fitenenany.

Nambarany fa atokisan'ny mpamatsy vola isika matoa mbola mahazo fanampiana tahaka izao indrindra amin'izao vanim-potoana sarotra izao.

Mikasika ny hampitomboana ny vola hanaovana asa sosialy: ho hita ao amin'ny LFR 2021 izany. Hampiakarina ny tetibolan'ireto Minisitera manaraka ireto amin'izay fotoana izay: ny Minisiteran'ny Fampianarana, ny Minisiteran'ny Mponina ary ny Minisiteran'ny Fahasalamam-bahoaka. Nomarihany fa hitohy hatramin'ny LFI 2022 izany.

Toromarika nomen'ny Filohampirenena koa ny hampidirana ireo ECD ho mpiasa raikitra, ka izay no antony hampitomboana ny tetibola ho an'ireo Minisitera volaza eo ambony ireo.

Momba ny fangatahana "ambulance", misy ny fandaminana mikasika izany satria miisa 54 no "ambulances" ho azontsika, ka ny 1/3-n'ny Distrika aloha no hahazo izany. Mbola hitady lalam-bola hafa anefa ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola mba hanohizana ny ezaka efa natao hahazoana izany fitaovana izany.

Mikasika ny fitantanam-bolam-panjakana, mahazo matoky ny Solombavambahoaka, fa mangarahara ny fitantanana izany ary hisy tatitra momba ny asa vitan'ny Governemanta hatao amin'ny Solombavambahoaka.

Mikasika ny hetra alaina amin'ny fanomezana avy amin'ny BADEA voalazan'ny Solombavambahoaka, efa nilamina ny momba izany.

Ramatoa RASAMOELINA Fanjambololoniaina Dominique, Sekretera Jeneralin'ny Minisiteran'ny Fahasalamam-bahoaka, rehefa nandray fitenenana dia nilaza fa efa voaray an-tsoratra avokoa ny fangatahana nataon'ny Solombavambahoaka teo. Nambarany koa fa ezahina hahazo "ambulance" avokoa ny Distrika rehetra, fa ireo miisa 54 ireo aloha no misy, ka izay no hotsinjaraina.

Mikasika ny resaka "genexpert", efa lany izany amin'izao fotoana izao, ka miandry "vague" vaovao indray isika.

Rehefa avy nisaotra ny solotenan'ny Governemanta tamin'ny valim-panontaniana naroson'izy ireo, Ramatoa Filoha dia nambarany fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra momba ny volavolan-dalàna laharana-001/2021 tamin'ny 3 Febroary 2021 "autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement de l'opération de réponse urgente pour affronter la pandémie COVID-19, conclu le 22 Octobre 2020 entre la République de Madagascar et la Banque Arabe pour le Développement Economique en Afrique (BADEA), ny mpivory.

Nomarihany fa ahitana andininy miisa roa ity volavolan-dalàna ity.

Nohamafisiny ihany koa fa araka ny voalazan'ny andininy faha-158 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena, amin'ny fifanarahana iraisam-pirenena toy izao dia tsy azo kitihana ny andininy ao amin'ny volavolan-dalàna fa na laniana na tsipahana na ahemotra ny fandaniana azy.

Nambarany koa fa ny andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiharina amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 58 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny; tsy nisy nilaza fanemorana.

Taorian'izay, nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny volavolan-dalàna laharana-001/2021 tamin'ny 3 Febroary 2021 "autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement de l'opération de réponse urgente pour affronter la pandémie COVID-19, conclu le 22 Octobre 2020 entre la République de Madagascar et la Banque Arabe pour le Développement Economique en Afrique (BADEA).

Rehefa izany, nomen-dRamatoa Filoha, fitenenana ny solotenan'ny Governemanta raha manan-kambara.

Fisaorana sy fankasitrahana tamin'ny fahalanian'ity volavolan-dalàna ity no nataon'ny solotenan'ny Governemanta, rehefa nomena fitenenana ary nirary ny hitohizan'ny fiaraha-miasa hatrany eo amin'ny roa tonta.

Taorian'izay, niroso tamin'ny fandinihana ny volavolan-dalàna manaraka ny mpivory ary nomen-dRamatoa alalana handeha hamonjy ny asa sy andraikitra mbola hosahaniny ny solotenan'ny Minisiteran'ny Fahasalamam-bahoaka.

Rehefa izany, niangavy ny Mpampakatenin'ny Vaomiera, Ramatoa Filoha, hamaky ny tatitra momba ny volavolan-dalàna laharana faha-002/2021 tamin'ny 17 Febroary 2021 "autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement additionnel du projet Pôles Intégrés de Croissance et Projet SOP-2 (PIC2.2) dans le cadre de la restructuration et du renflouement suite à l'activation des ressources CERC-MRI, conclu le 18 Décembre 2020 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA).

Mbola Andriamatoa TSARADIA Marco, hatrany no namaky izany, ka toy izao ny fivakiny:

Nivory ny Alarobia faha-19 Mey 2021 tamin'ny 2 ora, tolak'andro, ny Vaomieran' ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola sy ny Vaomieran'ny Fahasalamam-bahoaka nandinika ny volavolan-dalàna laharana faha-002/2021 tamin'ny 17 Febroary 2021 «autorisant la ratification de l'accord de prêt relative au financement additionnel du projet Pôles Intégrés de Croissance et Projet SOP-2(PIC2.2), dans le cadre de la restructuration et du renflouement suite à l'activation des ressources CERC-MRI, conclu le 18 décembre 2020 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA)».

Andriamatoa ANDRIAMANATRIKARIVO Pierrot, Filoha Lefitry ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola tonga nivory, Ramatoa sy Andriamatoa isany:

- 1- ANDRIAMANATRIKARIVO Pierrot
- 2- TSARADIA Marco
- 3- HENRI Jean Michel
- 4- FIENENA Richard Désiré
- 5- RANDRIAMANAMPISOA Alfred
- 6- RAVONTY Tam Teon Luc Urbain
- 7- ANDRIANAMBININA Djohary Lee

Solombavambahoaka mpikambana amin'ny Vaomieran'ny Fahasalamam-bahoaka nanatrika ny fivoriana,
Andriamatoa RAVELOSON Guillaume

Solombavambahoaka tsy mpikambana ao amin'ny Vaomiera tonga nanananatrika ny fivoriana.

Ramatoa RASOAZANANERA Marie Monique Ernestine

Ireto avy ireo teknisiana avy amin'ny Minisiteran'ny Fitantanam-bola sy Tetibola

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

1. RAHANIRAKA Haingotiana (DDP)
2. Eric RAKOTO ANDRIATSILAVO, Coordonnateur National de Projet PIC2.2
3. Narindra RAKOTOARIJAONA, Responsable Operations Projet PIC2.2
4. Liva Tiana RATSIMBAZAFY, Responsable Administratif et Financier Projet PIC2.2

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Andriamatoa Filoha dia nomeny ny teknisiana ny fitenenana.

Nohazavany ny mikasika ny findramam-bola avy amin'ny Banky Iraisam-pirenena izay mitentina 33 000 000 Dolara Amerikana. Io vola io dia fampidramam-bola fanampiny na «financement additionnel» izay hoentina hanentsenana ny vola nalaina tao amin'ny “Projet PIC2.2” lany nampiasaina tamin'ny ady amin'ny “COVID-19”. Io vola io koa dia haverina ao anatin'ny 38 taona, ka ny 6 taona voalohany dia tsy andoavana renivola.

Amin'io vola io dia misy «commission d'engagement» izay manana taha 0,5% haloa isantaona ho an'ny vola izay efa nositranan'ny firenena malagasy kanefa tsy mbola nampiasaina.

Misy ny “commission de service” izay manana taha 0,75% amin'izay vola efa nampiasaina kanefa tsy mbola naverina. Io tetikasa io dia mifarana amin'ny taona 2023.

Nanazava koa ny teknisiana amin'ny mahazava-dehibe ny tetikasa PIC2.2 izay mifandraika amin'ny «Plan Emergence de Madagascar».

Faritra efatra no hisitraka izany tetikasa izany dia ny Faritra DIANA, Atsimo-Andrefana, Anosy ary ny Nosy Sainte-Marie.

Misy sehatra ara-toekarena roa no tena iasan'ity tetikasa ity dia ny sehatry ny fizahan-tany sy ny sehatry ny fanodinam-bokatra avy amin'ny fambolena. Hotanterahana amin'izany ny fananganana ny fotodrafitrasa miantraika amin'ny vahoaka, toy ny fanamboara-dalana, famatsian-drano, famatsiana herinaratra ary ny fanatsarana ny toerana fizahan-tany.

Ny sehatra manaraka amin'ity tetikasa ity dia ny fanampiana ara-bola ireo Kaominina mba hoentina hampandrosoana azy ireo, toy ny «adduction d'eau potable» ho an'ireo Kaominina Ambanivohitra.

Ny sehatra farany dia ny fanampiana ireo tanora amin'ny sehatra tsy miankina.

Rehefa avy nanazava momba ny tetikasa PIC2.2 ireo teknisiana dia niroso tamin'ny fametrahana fanontaniana ny Solombavambahoaka.

FANONTANIANA

- 1- Ahoana ny fomba nazahoan'ireo Faritra ireo ny PIC2.2? Ahoana ny fomba nisafidianana izy ireo?
- 2- Ity vola 33 000 000 Dolara Amerikana ity ve efa lany? Raha efa lany dia mba lazao marina ny momba ny fandania io vola io. Maninona no mbola mangataka famatsiam-bola hafa indray?

VALINY

1. Ny Governemanta no misafidy ny Faritra hisitraka ny tetikasa PIC fa haporitka amin'ny Faritra maromaro izy io.
2. Mbola miandry ny tatitra avy amin'ireo tomponandraikitra miady mivantana amin'ny "COVID-19" no hahafantarana bebe kokoa ny momba io fandanium-bola io ary tafiditra amin'izany ny fandania io vola 33 000 0000 Dolara Amerikana io.

Taorian'izay dia niroso tamin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ny mpivory.

Noho ny tsy fahatratrarana ny fetr'isa dia naato 30 minitra ny fivoriana mba ho fanajana ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirena.

Rehefa izany, nankatoavin'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola ny volavolan-dalàna laharana faha-002/2021 tamin'ny 17 Febroary 2021 «*autorisant la ratification de l'accord de prêt relative au financement additionnel du projet Pôles Intégrés de Croissance et Projet SOP-2(PIC2.2), dans le cadre de la restructuration et du renflouement suite à l'activation des ressources CERC-MRI, conclu le 18 décembre 2020 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA)*» ary hoentina eny amin'ny fivoriambe mba handraisana fanapahan-kevitra farany.

Nifarana tamin'ny 3 ora, tolak'andro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory Andriamatoa Filoha.

Nisaotra ny Mpampakateny tamin'ny tatitra nataony, Ramatoa Filoha, taorian'izay ary nilaza fa hiroso amin'ny fanamarihana na fanitsiana mikasika izany ny mpivory.

Tsy nisy nanana fanamarihana na fanitsiana momba ny tatitra ny Solombavambahoaka.

Nanamarika kosa, Andriamatoa RANDRIAMANDRATO Richard, Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola fa ao amin'ny pejy voalohany; teknisiana avy ao amin'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola no izy fa tsy teknisiana avy amin'ny Governemanta.

Ramatoa RAHANIRAKA Haingotiana, teknisiana DDP kosa nanao fanamarihana toy izao: ao amin'ny pejy faharoa, andalana faharoa alohan'ny farany, ampiana hoe: hotanterahana amin'izany ny fananganana fotodrafitrasa miantraika amin'ny vahoaka, toy ny làlana, famatsian-drano fisotro madio, famatsiana herinaratra ary fanatsarana ny sehatry ny fizahan-tany.

Ao amin'ny pejy faha-3, valim-panontaniana voalohany, ny Governemanta no misafidy ny Faritra hiasan'ny PIC ary ankatoavin'ny mpamatsy vola, fa mbola hitombo ny Faritra hiasan'ny PIC amin'ny famatsiam-bola manaraka.

Ao amin'ny pejy faha-3 ihany, valim-panontaniana faharoa, ampiana hoe: mbola hisy ny tatitra momba ny ady mivantana amin'ny "covid-19", mba hahafantarana misimisy kokoa ny fandanium-bola amin'izany ka tafiditra amin'izany io fandaniuma ny vola 33 000 000 Dolara io.

Taorian'izay, nisaotra ny solotenan'ny Governemanta tamin'ny fanamarihana sy fanitsiana ny tatitra, Ramatoa Filoha, ary nanome fitenenana azy ireo mba hamelabelatra ny antonanton'ny volavolan-dalàna.

Andriamatoa RANDRIAMANDRATO Richard, Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola no nanao ny famelabelarana ankapobeny mikasika ny volavolan-dalàna ka toy izao izany.

Nambarany fa efa an-taonany maro i Madagasikara no nampiasa ny tetikasa PIC ary ny Banky Iraisam-pirenena no mamatsy vola azy. Efa PIC2.2 no ampiasaina amin'izao fotoana izao satria tetikasa mitohy izy io ary efa fantatry ny olom-boafidy ny mahazava-dehibe azy satria efa maro ny asa notanterahana tamin'io tetikasa io.

Tsara ho fantatry ny rehetra koa fa efa manomana ny PIC3 ny teknisiana ao amin'ny Minisitery amin'izao fotoana izao, ka hoentina hankatoavin'ny Solombavambahoaka amin'ny fotoana mahamety izany.

Ny PIC2 aloha no horesahana satria nisy fandaminana tsy maintsy napetraka noho ny valan'aretina "Covid-19" ka nampiasaina ho an'ny "CERC-MRI" ny vola. Noho ny antony ara-pahasalamana no nahatonga ny Governemanta nandray fanapahan-kevitra hoe: hampiasaina ho an'ny fahasalamam-bahoaka aloha ny vola mitentina 33 000 000 Dolara tao amin'ny PIC2. Izany hoe, nakana 33 000 000 Dolara ny vola tao amin'ny PIC2 ary nalefa tany amin'ny "CERC-MRI".

Marihana fa tafiditra ao amin'ny paikady iombonana marolafy na PMDU (Plan Multisectoriel d'Urgence) napetraky ny Lehiben'ny Governemanta izany fandaminana izany mba ahafahana miady amin'ny valan'aretina "Covid-19". Noho izany, tsy maintsy averina ny ampaham-bola nalaina tamin'ny PIC2.2 mba ahafahana manohy ny asa izay tokony hatao ao amin'io tetikasa PIC io. Tsy maintsy misy fanatsarana ny asa atao amin'ny fampiasam-bola ary efa nanome toromarika koa ny Filohampirenena fa izay Distrika na Faritra manana tombony manokana amin'ny famokarana sy fampivoarana ara-toekarena dia tokony hisitraka amin'ity vola hindramina ity. Hampanjakaina izany ny filamatra hoe: "one district-one factory" mba hampandrosoana haingana ny toekarena eto Madagasikara.

Noho izany, entanina ny handanian'ny Solombavambahoaka ity volavolan-dalàna ity mba ahafahana manohy ny asa.

Tsy tokony hatahotra koa isika amin'ny resaka "inflation" eto Madagasikara na dia nakana aza ny vola tao amin'ny PIC satria efa mijery ny fomba hampiharana ny "relance économique" isika. Izany hoe, raha nalaina ny vola tamin'ny tetikasa PIC, tsy nisy fiantraikany tamin'ny "croissance économique" tokony hotratrarintsika izany.

Taorian'ny famelabelarana ny volavolan-dalàna dia nangata-dalana Andriamatoa Minisitry satria mbola hisy fivoriana hatrehany ka ny teknisiana no handray ny fanamarihana sy hamaly ny fanontanian'ny Solombavambahoaka raha misy izany.

Rehefa izany, nomen-dRamatoa Filoha, alalana hamonjy ny adidy aman'andraikitra tokony hosahaniny, Andriamatoa RANDRIAMANDRATO Richard, Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola.

Taorian'izay, niroso tamin'ny adihevitra ankapobeny ny mpivory ka ireto avy ny Solombavambahoaka nandray fitenenana tamin'izany;

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

- TSARADIA Marco
- PEPIN Michou
- RABEHAJA Jean
- VOLAHAINGO MARIE Thérèse
- RAZAFINDRAVONY Marifidy Christine
- BAOFENO Micheline
- RAKOTOARISOA Rasoava Rija Jean
- RAZAFINDRIATSARA Jonhson Anatol
- RANDRIANASOLO Augustin
- RANDRIAMANAMPISOA Alfred
- RABEMANANTSOA Herilala Jeannot

Fangatahana ny hanomezana ny tetikasa PIC any amin'ny Distrika nahavoafidy azy avy, fijoroana vavolombelona tamin'ny fahatsaran'ny tetikasa noho ny fandrosoana nentiny ho an'ireo toerana efa nahazo izany no niombonan'ny Solombavambahoaka nandray fitenenana.

Nifanentana izy ireo amin'ny fandaniana ny volavolan-dalàna.

Ireto Solombavambahoaka manaraka ireto kosa,

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

- PEPIN Michou
- BAOFENO Micheline
- RABEMANANTSOA Herilala Jeannot,

Nanamafy fa mbola tsy nisitraka ny tetikasa PIC ny Distrika nahavoafidy azy ireo koa nangataka ny hijerena azy ireo manokana.

Ramatoa VOLAHAINGO Marie Thérèse indray nilaza fa anisan'ny havokavok'i Madagasikara ny Faritra Sofia ary hitondra soa ho an'ny Firenena ny fametrahana ny tetikasa PIC amin'iny Faritra iny.

Taorian'ny fandraisam-pitenenana nataon'ny Solombavambahoaka dia nomen-dRamatoa Filoha, ny solotenan'ny Governemanta izany mba hamalian'izy ireo ny fangatahan'ny Solombavambahoaka.

Nanambara Ramatoa RAHANIRAKA Haingotiana, teknisiana DDP fa Andriamatoa “Coordinateur”-n’ny PIC no afaka manazava ny tetikasa sy ny fahazoana azy.

Andriamatoa ANDRIATSILAVO Eric Rakoto, “Coordinateur National du Projet PIC” kosa nilaza fa maro ny fotodrafitrasa sy fanampiana ny Kaominina ary miisa 80 no nisitraka izany hatramin’izao.

Nambarany koa fa tokony hotohizana sy hovitaina ity tetikasa PIC2 ity satria mahasoana sy mitondra fandrosoana ho an’ny firenena.

Nomarihany koa fa hojerena avokoa ny otrikarena na “potentialité” any amin’ny Distrika rehetra eto Madagasikara ka homena ny tetikasa PIC mifanaraka aminy.

Rehefa avy nisaotra ny solotenan’ny Governemanta tamin’ny valim-panontanianana nomeny, Ramatoa Filoha, dia nanambara fa hiroso amin’ny fandraisana fanapahan-kevitra momba ny volavolan-dalàna ny mpivory.

Nomarihany fa ahitana andininy miisa roa ity volavolan-dalàna ity.

Nohamafisiny ihany koa fa araka ny voalazan’ny andininy faha-158 ao amin’ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena, amin’ny fifanarahana iraisam-pirenena toy izao dia tsy azo kitihana ny andininy ao amin’ny volavolan-dalàna fa na laniana na tsipahana na ahemotra ny fandaniana azy.

Nambarany fa ny andininy faha-90 ao amin’ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiharina amin’ny fandraisana fanapahan-kevitra.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 30 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny; tsy nisy nilaza fanemorana.

Taorian’izay, nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny volavolan-dalàna laharana faha-002/2021 tamin’ny 17 Febroary 2021 “autorisant la ratification de l’accord de prêt relatif au financement additionnel du projet Pôle intégrés de croissance et Projet SOP-2 (PIC2.2) dans le cadre de la restructuration et du renflouement suite à l’activation des ressources CERC-MRI, conclu le 18 Décembre 2020 entre la République de Madagascar et l’Association Internationale de Développement (IDA).

Rehefa nomena fitenenana ny solotenan’ny Governemanta, taorian’ny fahalanian’ny volavolan-dalàna; fisaorana ny Antenimierampirenena no nataon-dRamatoa RAHANIRAKA Haingotiana, teknisiana DDP, tamin’ny fahalanian’ny volavolan-dalàna satria hitondra fandrosoana ho an’i Madagasikara ny fahatanterahan’ity tetikasa PIC ity.

Talohan’ny hiatoan’ny fivoriana, nampahatsiahy, Ramatoa Filoha, fa mbola hisy fivoriambe handinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolan-dalàna laharana faha-004/2021 tamin’ny 31 Martsa 2021 «autorisant la ratification de l’accord de coopération dans le domaine de l’aménagement du territoire, signé à Rabat le 4 Avril 2006, entre le Royaume du Maroc et la République de Madagascar», androany amin’ny 3 ora sy 30 minitra, tolak’andro.

Nanentana ny Solombavambahoaka mba havitrika hatrany amin’ny fanatrehana izany ny tenany.

Niato tamin’ny 3 ora, tolak’andro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Filoha.

Nitohy tamin'ny 4 ora, tolak'andro, ny fivoriana.

Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Filoha no nitarika izany

Fiarahabana ny Solombavambahoaka sy ny solotenan'ny Governemanta nanatrika ny fivoriana no voalohan-teniny.

Nampahatsiahiviny fa fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolan-dalàna laharana faha-004/2021 tamin'ny 31 Mars taona 2021 «*autorisant la ratification de l'Accord de Coopération dans le domaine de l'Aménagement du Territoire, signé à Rabat le 04 avril 2006, entre le Royaume du Maroc et la République de Madagascar*» no lahadinika amin'izao tolak'andro izao.

Taorian'izay, niangavy ny Mpampakateny, Ramatoa Filoha, mba hamaky ny tatitry ny asam-baomiera.

Andriamatoa RAKOTOARIMANANA Tiana Maxime, Mpampakatenin'ny Vaomieran'ny Fanajariana ny Tany sy Fitantanana ny Fizakan-tany no nanantotosa izany, ka toy izao no fivakiny:

Nivory ny Alarobia faha-19 Mey 2021 tamin'ny 3 ora, tolak'andro, ny Vaomieran'ny Fanajariana ny Tany sy ny Fitantanana ny Fizakan-tany nandinika ny volavolan-dalàna laharana faha-004/2021 tamin'ny 31 Martsa 2021 «*autorisant la ratification de l'accord de coopération dans le domaine de l'aménagement du territoire, signé à Rabat le 04 avril 2006, entre le Royaume du Maroc et la République de Madagascar*».

Andriamatoa RAHOLDINA Naivo Herinantsoina, Filohan'ny Vaomieran'ny Fanajariana ny Tany sy ny Fitantanana ny Fizakan-tany no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka tonga nanatrika ny fivoriana;

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

- 1- RAHOLDINA Naivo Herinantsoina
- 2- ANDRIAMANALINARIVO Raymond Michel Jocelyn
- 3- RAZAFINDRAVONY Marifidy Christine
- 4- SATRA Augustin
- 5- RAKOTOARIMANANA Tiana Maxime
- 6- RAKOTONDRA SOA Fetra
- 7- MASY Goulamaly
- 8- ANDRIAMIATRIKARIVO Tiana James Pierrot
- 9- EDIZARD

Ireto avy ireo teknisiana avy amin'ny Minisiteran'ny Fanajariana ny Tany sy ny Fitantanana ny Fizakan-tany

Ramatoa sy Andriamatoa:

- | | | |
|----|---------------------------|----------------|
| 1- | RABE Herimanana | MATP/DGAT |
| 2- | RAZANARISOA Harinjanahary | MATP/Unité PPP |

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Andriamatoa Filoha dia nomeny avy hatrany ny teknisiana ny fitenenana mba hanazavany ny antonanton'ny volavolan-dalàna.

Nanambara ny tekisiana fa ny volavolan-dalàna dia mikasika ny fanajariana ny tany amin'ny ankapobeny, izay mametraka ny fifanaraham-piaraha-miasa eo amin'ny fanjakana Marokana sy ny firenena Malagasy.

Efa tamin'ny taona 2006 no vita sonia ny fifanarahana nisy teo amin'ny firenena roa tonta. Ny tanjona amin'izany dia ny hisian'ny fifanakalozana sy fifampizarana traikefa ary fahaizama-nao eo amin'ny mpisehatra amin'ireo firenena ireo.

Nomarihan'ireo teknisiana fa manan-kery ny fifanarahana fiaraha-miasa rehefa voahaja ireo fepetra izay takian'ny Lalàmpanorenana mikasika ny fankatoavana izany fifanarahana izany.

Taorian'izay, niroso tamin'ny fametrahana fanontaniana sy fanamarihana ny Solombavambahoaka.

FANONTANIANA:

- 1- Maninona no efa atỳ amin'ny taona 2021 no natao ny fankatoavana kanefa tany amin'ny taona 2006 no nisian'ny fifanarahana?

VALINY:

- 1- Raha mbola tsy nisy ny fankatoavana dia efa nisy ny asa natomboka, toy ny fanatsarana ny lakandranon'i Pangalana, ny fandefasana tomponandraikitra avy amin'ireo Minisitery mba hampitombo traikefa any amin'ny fanjakana Marokana. Efa nisy ihany koa ny komity natsangana tamin'ny fanjakana roa tonta, izay efa nivory intelo miantoana.

FANAMARIHANA:

- 1- Nanamarika ny tekisiana fa raha misy ny fanazavana tsy ampy dia eny amin'ny fivoriambe no hanomezana fanampim-panazavana misimisy kokoa.

Rehefa izany, niroso tamin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ny mpivory.

Noho ny tsy fahatratrarana ny fetr'isa ahafahana manapakevitra dia naato 30 minitra ny fivoriana mba ho fanajana ny Fitsipika Anatin'ny mifehy ny Antenimierampirenena.

Taorian'izany, nankatoavin'ny Vaomiera ny volavolan-dalàna laharana faha-004/2021 tamin'ny 31 Martsa 2021 «*autorisant la ratification de l'accord de coopération dans le domaine de l'aménagement du territoire, signé à Rabat le 04 avril 2006, entre le Royaume du Maroc et la République de Madagascar*», ny Vaomiera ary hoentina eny amin'ny fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra farany.

Nifarana tamin'ny 4 ora, tola'andro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory Andriamatoa Filoha.

Rehefa izany, nisaotra ny Mpampakateny tamin'ny tatitra nataony, Ramatoa Filoha. Nambarany fa hiroso amin'ny fanamarihana na fanitsiana ny tatitra ny mpivory. Avy amin'ny Solombavambahoaka aloha vao ny solotenan'ny Governemanta.

Andriamatoa EDIZARD, raha nandray fitenenana, nambarany fa mpikambana ao anaty Vaomiera ny tenany kanefa tsy voasoratra ny anarany.

Nanamarika Andriamatoa RAHOLDINA Naivo Herinantsoina fa, Andriamatoa ANDRIAMIATRIKARIVO Tiana James Pierrot koa dia anisan'ny mpikambana ao amin'ny Vaomiera kanefa tsy voasoratra ao anaty tatitra ny anarany.

Tsy nisy fanamarihana nataon'ny solotenan'ny Governemanta.

Andriamatoa ANDRIANAINARIVELO Hajo, Minisitry ny Fanajariana ny Tany sy Fananan-tany no nomen-dRamatoa Filoha fitenenana, taorian'izay.

Nambarany fa efa voalazan'ny tatitra ny votoatin'ny fifanarahana eo amin'ny firenena Marokana sy ny firenena Malagasy. Anisan'ny misongadina amin'izany ny fanamafisana ny fiaraha-miasan'ny firenena roa tonta eo amin'ny lafiny fanajariana ny tany, ny fanatsarana ny drafitra misy amin'ny alalan'ny fanomezana fanofanana ireo tomponandraikim-panjakana any "Maroc" ary ny fametrahana fandaharan'asa maharitra eo amin'ny firenena roa tonta.

Taorian'izay, nisaotra an'Andriamatoa Minisitry tamin'ny famelabelarana nataony, Ramatoa Filoha, sady niangavy ny Solombavambahoaka nandray fitenenana.

Andriamatoa RAFIDIMANANA Narson raha nandray fitenenana, nambarany fa ilaina ny fandania ity volavolan-dalàna ity satria manampy betsaka ny firenena Malagasy ny fiaraha-miasa hatao, indrindra amin'ny lafiny fanofanana mpiasam-panjakana sy ny resaka fanajariana ny tany.

Nambaran'Andriamatoa RANDRIAMANAMPISOA Alfred, fa zava-dehibe ny fisian'izao fifanarahana izao. Noho izany, nanentana ny Solombavambahoaka namany ny tenany handany ity tetikasa ity.

Nilaza Andriamatoa PEPIN MICHOU fa mahaso ny firenena ny fifanarahana ka tokony holaliana ny volavolan-dalàna.

Nanamafy ny fanentanana ireo Solombavambahoaka namany amin'ny fandania ny volavolan-dalàna, Andriamatoa RAHOLDINA Naivo Herinantsoina, satria izy no Filohan'ny Vaomiera mikasika ny fananan-tany eto amin'ny Antenimierampirenena. Nambarany koa fa zava-dehibe ny fisian'ny fiaraha-miasa toy izao.

Fisaorana an'Andriamatoa Minisitry tamin'ny famolavolana ity volavolan-dalàna ity no nataon'Andriamatoa HENRI Jean Michel. Notsindriany tamin'izany fa anisan'ny manana tantara iraisana ny firenena Malagasy sy ny fanjakana Marokana. Teo anatrehan'izay, nanentana ny Solombavambahoaka namany ihany koa izy handany ity volavolan-dalàna ity.

Nanamafy ny handaniana ity “Accord de Coopération” ity, Andriamatoa EDIZARD, raha nandray fitenenana satria zava-dehibe ny fisian’ny tetikasa fiaraha-miasa tahaka izao sady samy firenena atỳ Afrika no manao izany. Nambarany fa anisan’ny handany ny volavolan-dalàna ny tenany.

Fangatahana no nataon’Andriamatoa RABEMANANTSOA Herilala Jeannot, raha nandray fitenenana mba hanaovana “terrassement” ny lalana mirefy 100Km ao amin’ny Faritr’i Menabe, izay làlana efa fantatr’Andriamato Minisitra tsara ny momba azy satria misy lozampifamoivoizana matetika sady amoizana ain’olona maro. Noho ny haratsian’ny lalana dia manjaka ny asan-dahalo; ka izay no hangatahana ny fanarenana io lalana io.

Nangataka ny hanaovana “goudron” ny làlana ao antampon-tanàn’i Tsiribihina izay mirefy 4Km koa ny tenany.

Nilaza Andriamatoa RAZAFINDRIATSARA Jonhson Anatol, fa handany tsy ampihambahambana ny volavolan-dalàna izy.

Nanambara Ramatoa BAOFENO Micheline, fa anisan’ny misitraka ny fampiasana ny “Canal de Pangalane” mampitohy ny Distrikan’i Nosy Varika sy Mahanoro ny vahoaka ao aminy saingy tototry ny fasika ny lakan-drano fandehanan’ny “Bac” ary voatery nesorina ny fasika ka nafindra any amin’ny RN11, lasa miteraka olana amin’ny fifamoivoizana izany satria tsy fantatra ny orinasa nanao azy ka mangataka ny hijeren’ny Minisitara izany raha azo atao.

Nametraka fanontaniana koa Ramatoa MASY Goulamaly Marie Jeanne d’Arc, raha nomena fitenenana, nambarany fa elanelam-potoana manao ahoana no nanatanterahana ny fanaovana sonian’ny fifanarahana teo amin’ny firenena roa tonta.

Inona no antony tsy ananan’i Tsihombe Birao Ifoton’ny Fananan-tany hatramin’izao.

Nangataka ny hanaovana “borne” faobe ny tanin’ireo mponina izay tsy manana fahefana hanao izany koa ny tenany satria mijaly ny olona any Tsihombe.

Rehefa izany, novalian’Andriamatoa Minisitry ny Fanajariana ny Tany sy ny Fananan-tany ny fangatahana sy fanontaniana nataon’ireo Solombavambahoaka raha nomena fitenenana izy.

Mikasika ny Distrikan’i Belo Tsiribihina, arakaraky ny eo am-pelan-tànana no hanatanterahana ny hetahetan’ny mponina ary miezaka manatsara isan-taona iny lalam-pirenena RN34 iny foana ny fitondram-panjakana.

Mikasika ny RN11, mampitohy ny Distrikan’i Nosy Varika, izay simba vokatry ny fivangongoan’ny fasika dia itadiavina vahaolana haingana izany.

Nambaran’Andriamatoa Minisitra ihany koa, fa ny enti-manana no nahatara ny fanatanterahana ny asa hafa tokony hatao na dia notontosaina mialoha aza ny fanaovana sonia ny fifanarahana.

Mikasika ny fangatahan’ny Solombavambahoaka voafidy tao Tsihombe indray, hezahana hatsangana isaky ny “Chef lieu de District” ny Birao Ifoton’ny Fananan-tany na ny “Service de Domaine” ato ho ato. Tsy ampy ny isan’ireo “Inspecteur de domaine” sy ny “Ingénieur en Topographie” mivoaka eny amin’ny ENAM hiandraikitra izany birao izany any amin’ny Distrika.

Izay no olana misy hatreto saingy tsy maintsy vahana. Noho izany, somary miaritra kely ny Distrika miisa 119 hatramin'izao.

Manampy izany, hangataka fiaraha-miasa amin'ny PNUD isika hanatanterahana ny fanaovana "borne" faobe ny tanin'ny mponina any Tsihombe mba ahafahana manatratra ny tanjona.

Taorian'izay, nisaotra an'Andriamatoa Minisitry, tamin'ny valin-teny nomeny, Ramatoa Filoha ary nilaza fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra momba ny volavolan-dalàna ny mpivory rehefa tsy misy manan-kolazaina intsony.

Nohamafisiny fa araka ny voalazan'ny andininy faha-158 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena, amin'ny fifanarahana iraisam-pirenena toy izao dia tsy azo kitihana ny andininy ao amin'ny volavolan-dalàna fa na laniana na tsipahana na ahemotra ny fandanianana azy.

Nambarany koa fa ny andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiharina amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 24 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny; tsy nisy nilaza fa ahemotra.

Rehefa izany, nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny volavolan-dalàna laharana faha-004/2021 tamin'ny 31 Martsa 2021 «*autorisant la ratification de l'accord de coopération dans le domaine de l'aménagement du territoire, signé à Rabat le 04 avril 2006, entre le Royaume du Maroc et la République de Madagascar*».

Taorian'izay, nomena fitenenana, Andriamatoa Minisitry ny Fanajariana ny Tany sy ny Fananan-tany, nambarany fa zava-dehibe tokoa ny nandanianana ity volavolan-dalàna mikasika ny «*Accord de Coopération*» ity satria hitondra vokatsoa ho an'ny firenena Malagasy amin'ny lafiny maro.

Fisaorana ny Solombavambahoaka tamin'ny fandanianana ny volavolan-dalàna no namaranany ny teniny.

Talohan'ny hiatohan'ny fivoriana, fampahatsiahivina ny fandaharam-potoana hatao rahampitso Zoma 21 Mey 2021 amin'ny 10 ora, maraina sy amin'ny 3 ora, tolak'andro, handinihana sy handraisana fanapahan-kevitra momba ny volavolan-dalàna laharana faha-017/2020 tamin'ny 18 Novambra 2020, "relative à la Politique Culturelle Nationale".

Niato tamin'ny 4 ora sy 50 minitra, hariva, ny fivoriana, rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Filoha.

NY FILOHA



RAZANAMAHASOA Christine Harijaona